ce 11/06/25
Sce PV
CRA n° 35
56

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

---

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY**
**TAONA 2025**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-35**

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY ALAROBIA 28 MEY 2025 KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 23 JONA 2025**

Fivoriana faha-6
Natao ny
Alarobia 28 mey 2025
- Tolak'andro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - RAHOLIJAONA Harson
- MAMANGY Norbert

**FOTOANA:** Alarobia 28 Mey 2025, tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro.

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 38 ; tsy tonga: 125 ; voaala tsiny: 00.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 28 Mey 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy 23 Jona 2025.

Nitohy ny Alarobia 28 Mey 2025, tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hatrany ny tenany mba hamaky ny tatitry ny Dinikin'ny Filoha.

Mbola Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

FAMINTINANA NY FIVORIAN'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NATAO NY ALAROBIA 28 MEY 2025

Nivory ny Alarobia 28 Mey 2025, nanomboka tamin'ny 12 ora, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia 28 Mey 2025, tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, nodinihina ny firafitry ny fandaharam-potoana manomboka ny Alarobia 28 Mey 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy 23 Jona 2025. Nisy avy eo ireo fanitsiana sy fanovàna nentin'ny mpivory.

Toy izao ary ny fandaharam-potoana tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

**ORDRE DU JOUR**
pour la période du **Mercredi 28 mai 2025** au **Lundi 23 juin 2025**

**MERCREDI 28 MAI 2025**

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

11H 00 : Conférence des Présidents - (*Salle B.P)*

15H 00 : SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*
Adoption de l'Ordre du jour

**LUNDI 02 JUIN 2025**

09H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS **- (*Salle BP)***

**Commission de l'Agriculture et de l'Élevage - (***Saisie au fond)*
**Commission Juridique** - *(Saisie au fond)*
**Commission de la Santé Publique et du Planning Familial -** *(Saisie pour avis)*
**Commission de l'Intérieur -** *(Saisie pour avis)*

- Proposition de loi n°002-2025/SENAT/PPL portant recensement, vaccination et suivi sanitaire des bovins à Madagascar, présentée par Madame la Sénatrice de Madagascar Lalatiana Henriette RAKOTONDRAZAFY.

15H 00 : RENCONTRE - (*Salle des séances)*

**Rencontre de la Commission de l'Agriculture et de l'Élevage avec Monsieur le Ministre de l'Agriculture et de l'Élevage**

**MARDI 03 JUIN 2025**

09H 00 et 15H00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS **- (*Bibliothèque)***

**Commission de la Santé Publique et du Planning Familial -** *(Saisie au fond)*
**Commission Juridique** *(Saisie au fond)*
**Commission de la Population et de la Solidarité** *(Saisie pour avis)*

- Proposition de loi n°004-2025/SENAT/PPL modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon.

**JEUDI 05 JUIN 2025**

09H 00 et 15H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS **- (*Salle des séances)***

**Commission Juridique -** *(Saisie au fond)*
**Commission de l'Intérieur -** *(Saisie au fond)*
**Commission de l'Économie et des Finances** - *(Saisie pour avis)*
**Commission de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire - (***Saisie pour avis)*

- PROPOSITION DE LOI n°005-2025/SENAT/PPL portant modification de la Loi organique n°2018-008 du 10 avril 2018 relative au régime général des élections et des référendums, présentée par Le Général de Corps d'Armée (e.r) Richard RAVALOMANANA, Président du Sénat de Madagascar.

15H00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS **- (S*alle BP)***

**Commission de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire** *(Saisie au fond)*
**Commission Juridique (***Saisie au fond)*
**Commission de l'Économie et des Finances (***Saisie pour avis)*

- Proposition de loi n°001-2025/SENAT/PPL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par les Lois n°2018-011 du 11 juillet 2018, n°2021-010 du 05 août 2021 et n°2024-002 du 07 février 2024, présentée par Madame la Sénatrice de Madagascar Lalatiana Henriette RAKOTONDRAZAFY.

SEANCES PLENIERES **- (*Salle des séances)***

**VENDREDI 06 JUIN 2025**

10H 00 : - Proposition de loi n°002-2025/SENAT/PPL portant recensement, vaccination et suivi sanitaire des bovins à Madagascar, présentée par Madame la Sénatrice de Madagascar Lalatiana Henriette RAKOTONDRAZAFY.

**MARDI 10 JUIN 2025**

10H 00 et 15H00 : - Journée de sensibilisation sur les concepts de désarmement et de non-prolifération des armes et des biens à double usage organisée, en collaboration avec le Ministère des Forces Armées.

**MERCREDI 11 JUIN 2025**

10H 00 : - PROPOSITION DE LOI n°005-2024/PL sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka

15H00 : - Sensibilisation sur le système métabolique (Direction Administrative et Service Médico-Social) (10 minutes)

15H30 : - Webinaire sur les enjeux et enseignements découlant des élections générales tenues en 2024 dans les Etats membres de la SADC: respect de la loi type de la SADC sur les élections

**JEUDI 12 JUIN 2025** et **VENDREDI 13 JUIN 2025**

10H 00 et 15H00 : **Séance des Questions au Gouvernement**

**LUNDI 16 JUIN 2025**

09H 00 et 15H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS **- (*Salle BP)***

**Commission du Tourisme et de l'Artisanat - (***Saisie au fond)*
**Commission Juridique** - *(Saisie au fond)*
**Commission du Commerce** - *(Saisie pour avis)*
**Commission de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire -** *(Saisie pour avis)*

- PROPOSITION DE LOI n°002-2025/PL portant refonte de la Loi n°2015-054 du 16 décembre 2015, portant Code de l'Artisanat, présentée par RATSIRAKA Sophie Soamiadana, Députée de Madagascar élue à Vatomandry

**MARDI 17 JUIN 2025**

09H 00 et 15H00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS **- (*Salle BP)***

**Commission de la Pêche et de l'Économie Bleue -** *(Saisie au fond)*
**Commission Juridique** - *(Saisie au fond)*
**Commission de l'Économie et des Finances** - *(Saisie pour avis)*

- Proposition de loi n°007-2025/PPL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code maritime, présentée par Le Général de Corps d'Armée (e.r) Richard RAVALOMANANA, Président du Sénat de Madagascar;

SEANCES PLENIERES **- (*Salle des séances)***

**MERCREDI 18 JUIN 2025**

10H00 : - PROPOSITION DE LOI n°002-2025/PL portant refonte de la Loi n°2015-054 du 16 décembre 2015, portant Code de l'Artisanat, présentée par RATSIRAKA Sophie Soamiadana, Députée de Madagascar élue à Vatomandry.

15H00 : - PROPOSITION DE LOI n°005-2025/SENAT/PPL portant modification de la Loi organique n°2018-008 du 10 avril 2018 relative au régime général des élections et des référendums, présentée par Le Général de Corps d'Armée (e.r) Richard RAVALOMANANA, Président du Sénat de Madagascar.

**JEUDI 19 JUIN 2025**

10H00 : - Proposition de loi n°007-2025/PPL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code maritime, présentée par Le Général de Corps d'Armée (e.r) Richard RAVALOMANANA, Président du Sénat de Madagascar.

15H00 : - Proposition de loi n°004-2025/SENAT/PPL modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon.

17H00 : - Proposition de loi n°001-2025/SENAT/PPL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par les Lois n°2018-011 du 11 juillet 2018, n°2021-010 du 05 août 2021 et n°2024-002 du 07 février 2024, présentée par Madame la Sénatrice de Madagascar Lalatiana Henriette RAKOTONDRAZAFY.

**VENDREDI 20 JUIN 2025 et SAMEDI 21 JUIN 2025**

à partir de 09H00 : **ATELIER DE SENSIBILISTION DES MEMBRES DE LA COMMISSION D'EVALUATION DES POLITIQUES PUBLIQUE ET DE LEUR EQUIPE TECHNIQUE PAR LA COUR DES COMPTES (Hors de Tanà)**

**LUNDI 23 JUIN 2025**

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

**TOVANA**

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|---|---|---|
| 01 | TOKELY Justin | Président |
| 02 | MAMANGY Norbert | Vice-Président |
| 03 | RAKOTOARILALA Tinoka Roberto | Vice-Président |
| 04 | SOAFILIRA Princia | Vice-Présidente |
| 05 | FOMENDRAZA Haingo Elisette | Vice-Présidente |
| 06 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | Vice-Président |
| 07 | MILAVONJY Andriasy Philobert | Rapporteur Général |
| 08 | RAHOLIJAONA Harson | Rapporteur Général Adjoint |

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

| **N° d'ordre** | **Commissions** | **Noms & Prénoms** | **Entité** |
|---|---|---|---|
| **01** | Commission de la Défense Nationale | **IMBIKY Herilaza** | **IRMAR** |
| **02** | Commission Juridique | **RABY SAVATSARA Ain'Harimanga Gabrielle** | **IRMAR** |
| **03** | Commission de l'Intérieur | **MAMINIRINA Jolce** | **IRMAR** |
| **04** | Commission de l'Intérieur | **Jolce MAMINIRINA** | **IRMAR** |
| **05** | Commission de la Sécurité Publique | **NAKANY Charly Zafimagnely** | **INDEPENDANT** |
| **06** | Commission de l'Agriculture et de l'Elevage | **RAZAFINDRABARY Richard** | **IRMAR** |
| **07** | Commission du Développement Numérique, des Postes et des Télécommunications | **RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie** | **IRMAR** |

| | | | |
|---|---|---|---|
| **08** | Commission de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène | **SAORY Christian** | **INDEPENDANT** |
| **09** | Commission de l'Environnement et du Développement Durable | **RAZAFINDRAMASY Faralahy Célestin** | **PARTI VERT** |

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

| N° d'ordre | Noms & Prénoms | Groupe Parlementaires |
|---|---|---|
| **01** | RESAMPA Ramanohy André Hajarimalala | **IRMAR** |
| **02** | RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina | **FIRAISANKINA** |
| **03** | ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa | **GPRI** |
| **04** | RAKOTOSON Hubert | **UPAD** |

**Représentants du Gouvernement**

- RAMINOSOA Arozoa, Directeur de la Législation et du Contentieux Primature
- ANITTA Léonce, SRI Primature

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso avy hatrany amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany.

Nanambara Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina fa efa 14 taona no nitantanany ny Vaomieran'ny Fananan-tany teto amin'ny Antenimierampirenena, misy Tolo-dalàna novolavolainy mikasika izany ary efa lasa any amin'ny Governemanta tamin'ny 8 Mey 2025 lasa teo. Izany hoe, tokony hiverina amin'ny 8 Jona 2025. Noho izany, nangataka ny tenany mba hampidirana ny fandinihana io Tolo-dalàna natolony io ao anatin'ity fandaharam-potoan'ny Antenimierampirenena ity satria mety tsy ho tratra intsony izany raha ao aorian'ny 25 Jona 2025 vao hodinihana.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle kosa, nanamarika fa ny Alatsinainy 2 Jona 2025, amin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fihaonan'ny Vaomieran'ny Fambolena sy Fiompiana amin'Andriamatoa Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana fa tsy amin'ny 9 ora, maraina, araka ny hita ao amin'ny Volavolam-pandaharam-potoana.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa indray, nangataka ny hanaovana "huis clos" mba handinihana ny raharahan'ny Solombavambahoaka, amin'ny Alarobia 4 Jona 2025, satria malalaka ny fotoan'ny Antenimierampirenena amin'io daty io.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa misy diabe hokarakarain'ny "Présidence" na Fiadidian'ny Repoblika amin'io Alarobia 4 Jona 2025 io, ka izay no nahatonga an'io daty io tsy nasiana fivoriana. Nampanantena kosa ny tenany fa hisy ny "huis clos" hiarahan'ny Solombavambahoaka, fa miandry fandaminana kely aloha.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTOSON Hubert ary nilaza fa tokony ho eto amin'ny Antenimierampirenena ihany no hatao ny "huis clos" fa tsy any ivelany satria ato ny toeram-piasan'ny Solombavambahoaka. Raha tsy afaka, Andriamatoa Filoha, amin'ny daty ifanarahana dia mijery daty hafa indray mba hahafahana manao izany.

Ramatoa SYLVIE Liva Gervais kosa raha nandray fitenenana, nangataka ny hampidirana ny Vaomieran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany ao amin'ny Asam-baomiera izay hotanterahina ny Alatsinainy 2 Jona 2025, amin'ny 9 ora, maraina.

Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry indray nanambara fa ny lahadiniky ny mpanohitra no nahalava ny resaka tao amin'ny Diniky ny Filoha notanterahina ny maraina teo. Tena ilaina ny fihaonana amin'ireo Minisitra ary ny Lalàmpanorenana dia manambara fa manana 6 andro isam-bolana ny mpanohitra hanolotra lahadinika. Vitsy anefa ny mpanohitra tao amin'ny fivoriana ka tsy lany rehefa natao ny tsangan-tànana. Tsy tokony hanaovana tsangan-tànana anefa ny lahadiniky ny mpanohitra satria raha izany no hanaovana azy, tsy hisy mihitsy ny lahadiniky ny mpanohitra. Tsy natao ho an'ny mpanohitra irery anefa io lahadinika io, fa ny Solombavambahoaka rehetra mihitsy no mila azy, ka lasa toy ny voatampim-bava ny Solombavambahoaka raha tsy tanteraka izany. Nomarihany fa Minisitra miisa efatra (4) no nangatahan'ny avy ao amin'ny fanoherana ny hiantsoana azy ireo ka ireto avy izany: ny Minisitry ny Tontolo Iainana, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny ary ny Minisitra Delege misahana ny Zandarimariam-pirenena.

Nanambara kosa Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph, fa mivaona amin'ny fandaharam-potoana reska ataon'ny mpivory ka tokony hiroso amin'ny tsangan-tànana aloha.
Nampahatsiahy ihany koa ny tenany fa manana 2 andro ny Solombavambahoaka hihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mandritry ny "question réponse", ka tokony ho amin'ireo andro ireo no manararaotra satria ho avy ao daholo ny Minisitra amin'io fotoana io.

Raha niverina nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nanambara fa samy manana ny manahirana azy ny Distrika tsirairay ka mila mametraka fanontaniana amin'ireo Minisitra avokoa ny Solombavambahoaka. Raha jerena anefa ny Volavolam-pandaharam-potoan'ny Antenimierampirenena, manana 2 andro hihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny Solombavambahoaka, ka tokony ho amin'io fotoana io no hametraka fanontaniana izay manahirana azy avy.

Andriamatoa RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina kosa nanambara fa tsy mba nisy fotoana natokana ho an'ny fanoherana mihitsy ao anatin'ity Volavolam-pandaharampotoanan'ny Antenimierampirenena ity kanefa ny andininy faha-102, andalana faha-3 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia milaza fa manana 3 andro isam-bolana ahafahany manolotra lahadinika ny fanoherana. Noho izany, tokony hajaina hatrany ny Lalàmpanorenana.

Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien, raha nandray fitenenana, nanambara fa efa natokana ho lapan'ny demokrasia ny Antenimierampirenena ary tsy maintsy hanohitra izay hatao rehetra ny mpanohitra. Noho izany, tokony hiroso amin'ny tsangan-tànana mikasika ity Volavolam-pandaharam-potoana ity ny mpivory.

Nanambara Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe, fa tsy mitovy ny "interpellation" sy ny "face à face" na dia samy fitaovana ampiasain'ny Solombavambahoaka anaovana fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta avokoa aza izy ireo.
Nanontany ihany koa ny tenany raha misy antony manokana anakanana ny fanaovana "interpallation" na tsia.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, nambarany fa tsy voalaza ao amin'ny Lalàmpanorenana ny hoe: tsy maintsy "interpellation" no lahadinika aroson'ny mpanohitra amin'ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena. Afaka manolotra lahadinika hafa izy ireo saingy tsy maintsy mandalo ny antanan-tohatra rehetra aloha izany ary tsy maintsy izay lanin'ny maro an'isa ihany no arahana.
Nangataka ny hirosoana amin'ny tsangan-tànana ihany koa ny tenany taorian'izay.

Rehefa izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa nisy tokoa ny lahadinika naroson'ny mpanohitra saingy tsy lany izany rehefa nampandalovina ny antanan-tohatra rehetra eto amin'ny Antenimierampirenena. Izany hoe, nandalo tao amin'ny Birao Maharitra sy ny Diniky ny Filoha. Tsy nosakanana io lahadinika io fa mila ny fankatoavan'ny Birao Maharitra sy ny Diniky ny Filoha vao afaka entina eto amin'ny fivoriambe.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Filoha, mba hamaky ny andininy faha-102, andalana faha-3, ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, ka toy izao no fivakiny:
Andininy faha-102, andalana faha-3, ao amin'ny Lalàmpanorenana: Fivoriana telo andro isam-bolana no atokana ho amin'ny lahadinika izay notapahin'ny Antenimiera tsirairay araka ny fitarihan'ny vondron'ny mpanohitra ao amin'ny Antenimiera voakasika ary koa avy amin'ny vondron'ireo vitsy an'isa.

Arak'izany, nanamafy Andriamatoa Filoha, fa tsy nisy nisakana ny lahadinika naroson'ny mpanohitra fa ny lahadinika naroso no tsy lany rehefa nampandalovina ny antanan-tohatra.

Nanao satroka Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina ary nilaza fa na nisy aza ny fivorian'ny Birao Maharitra sy ny Diniky ny Filoha natao, ny fivoriambe ihany no manapaka farany.

Nangataka ihany koa ny tenany mba hampidirana ny Tolo-dalàna narosony amin'izay fotoana malalaka ao amin'ny fandaharam-potoan'ny Antenimierampirenena satria zava-dehibe ho an'ny vahoaka Malagasy izany.

*Namaly, Andriamatoa Filoha, fa ezahina hampidirina amin'ity fandaharam-potoana ity ny* fangatahan'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina teo.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kambara.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RAMINOSOA Arozoa, avy amin'ny Primatiora, nanambara fa tsy manan-kolazaina sy fanamarihana momba ny fandaharam-potoana novakiana teo izy ireo.

Nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry ary nangataka ny hanaovana tsangan-tànana farany mba hampidirana ny lahadiniky ny mpanohitra ato anaty fandaharam-potoana sao misy Solombavambahoaka manohana ny fitondrana miova hevitra ihany.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 28 Mey 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy 23 Jona 2025 ny mpivory.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 35 no nandany; Solombavambahoaka miisa 5 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 28 Mey 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy 23 Jona 2025.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, koa ny Alatsinainy 2 Jona 2025, amin'ny 9 ora, maraina, hisy asam-baomiera handinika ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2025/SENAT/PPL "portant recensement, vaccination et suivi sanitaire des bovins à Madagascar, présentée par Madame la Sénatrice de Madagascar Lalatiana Henriette RAKOTONDRAZAFY". Amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy fihaonan'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fiompiana amin'Andriamatoa Minisitry ny Famblena sy Fiompiana.

Niato tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA

TOKELY Justin